Mesdames et Messieurs,

Veuillez trouver ci-joint une déclaration des organisations de la société civile malgache sur un cas d'accaparement de terre à Soamahamanina.
Merci pour votre soutien aux communautés locales.

Nous vous présentons nos meilleures salutations
Le Collectif TANY

## NON AU PERMIS ENVIRONNEMENTAL DELIVRE A LA SOCIETE JIUXING MINES S.A.R.L EN VUE DE L'EXPLOITATION MINIERE A SOAMAHAMANINA

Les organisations de la société civile signataires de cette déclaration expriment leur solidarité et leur soutien total au refus par la population locale du projet d'exploitation d'or de la société JIUXING MINES S.A.R.L. à Soamahamanina, suite aux rencontres et échanges de leurs représentants avec le Comité de Refus de l'exploitation aurifère depuis le mardi 21 juin.

Depuis plusieurs mois, des milliers d'habitants de Soamahamanina et des fokontany environnants expriment leur opposition au projet qui vient de recevoir un permis environnemental pour l'extraction d'or de la part de l'Office National pour l'Environnement (ONE) pour une durée de 40 ans.

Les raisons du refus de ce projet par les communautés locales sont claires et incontestables.

La première idée concerne l'absence de considération de la population par le propriétaire du projet et par les autorités des différents niveaux : la majorité des habitants des sept fokontany impactés par le projet d'extraction minière soit n'a pas été consultée, soit a refusé le projet. On a répondu à leurs revendications et expressions d'opinions par des menaces de répression. Ils soupçonnent fortement l'existence de corruption dans la situation actuelle et ont déjà déposé une plainte auprès du BIANCO.

Ces communautés locales s'opposent également à l'accaparement de leurs terres et de leurs ressources naturelles qui constituent leurs sources de revenus quotidiennes, ainsi qu'à la perte des lieux de vie et des sources de nourriture des communautés locales qui vivent sur la zone minière.

Par ailleurs, la population affectée par le projet d'exploitation minière s'oppose à la perte de leur culture et de leurs traditions suite à la destruction des tombeaux. Ils s'opposent aussi à la destruction de l'église et de l'école qui sont incluses dans la concession du projet minier.

La population locale s'oppose fermement à la disparition de la forêt de tapia qui fait partie d'une zone protégée et dont dépendent les revenus des producteurs de soie sur place, elle s'oppose également à la dégradation de l'environnement telle que la pollution de l'eau et l'envahissement des rizières par des détritus qui surviendront à cause de l'utilisation par la société JIUXING MINES S.A.R.L.d'engins d'extraction lourds.

L'ensemble des faits réels et des risques encourus montrent clairement que les droits fondamentaux des populations affectées par le projet d'exploitation d'or à Soamahamanina et les environs sont remis en question.

Nous, organisations de la société civile, condamnons cette spoliation des droits fondamentaux de la population, et la volonté des autorités de l'Etat de faire taire l'opposition légitime de la population locale par la menace d'utilisation des forces de répression.

Nous rappelons aux responsables de l'Etat qu'ils sont les premiers responsables de la protection et de la réalisation des droits de tous les citoyens malgaches, et ne devraient pas user des forces de l'ordre pour empêcher la population de revendiquer ses droits.

On doit noter également que la délivrance d'un permis environnemental en vue d'une exploitation minière à un projet destructeur de l'environnement et de la population est devenue habituelle de la part de l'Office National de l'Environnement (ONE), comme tout le monde a pu le constater lors de la délivrance du permis contestable à la société Toliara Sands en vue de l'exploitation de l'ilménite à Toliara II.

**Pour toutes ces raisons, nous, organisations de la société civile soussignées, déclarons que LE PERMIS ENVIRONNEMENTAL DELIVRE A LA SOCIETE JIUXING MINES S.A.R.L.EN VUE DE L'EXPLOITATION D'OR A SOMAHAMANINA EST INACCEPTABLE**.

Nous soutenons totalement et renforçons ce refus des compatriotes vivant dans la zone et dans les environs de ce projet d'extraction d'or et déclarons ici que nous sommes déterminés à travailler avec eux et avec toutes les parties prenantes pour la recherche d'une solution durable et respectueuse des droits humains.

Fait à Antananarivo le 23 juin 2016

CRAAD-OI – Centre de Recherches et d'Appui pour les Alternatives de Développement – Océan Indien
RESEAU SOA – Syndicat des Organisations Agricoles
Collectif pour la défense des terres malgaches – TANY.
Association MAZOTO – Miaro Aina -Zon'Olombelona sy Tontolo iainana
Plate-forme de la Société Civile de la Région DIANA
FVTM – Fédération des Femmes Rurales de Madagascar.
Projet TARATRA
Solidarité des Intervenants sur le Foncier – SIF.

- Bref résumé des évènements à Soamahamanina à l'origine de la déclaration : voir http://terresmalgaches.info/img/pdf/Newsletter_55_Soamahamanina.pdf

- Si vous souhaitez suivre l'évolution de la situation à Soamahamanina : https://www.facebook.com/soamahamanina/, et https://www.facebook.com/Craad-Oi-Madagascar-1052998424780813/

– – – –

Tompokolahy sy Tompokovavy Tonga hizara aminao fanambaràn'ny fikambanana avy amin'ny firaisamonim-pirenena momba ny zava-miseho ao Soamahamanina izahay.
Misaotra indrindra amin'ny fanohananao ireo mponina iharan'ny tsy rariny.

Mirary soa Tompoko
Ny Collectif TANY

## TSY EKENA NY FANOMEZANA ALALANA ARA-TONTOLO IAINANA NY ORINASA JIUXING MINES S.A.R.L HITRANDRAKA HARENA AN-KIBON'NY TANY AO SOAMAHAMANINA

Ny fikambanana ao amin'ny firaisamonim-pirenena izay manao sonia eto ambany, dia maneho ny firaisankina sy ny fanohanany tanteraka ny fanoheran'ny vahoaka any an-toerana ny tetikasa fitrandrahana volamena izay ataon'ny orinasa JIUXING MINES S.A.R.L ao Soamahamanina, taorian'ny fihaonany sy fifanakalozan'ny solontenany tamin'ny Komitin'ny Fanoherana ny Fitrandrahana Volamena nanomboka ny talata 21 jona.

Efa volana maro izao ny vahoaka aman'arivony avy ao Soamahamanina sy ny fokontany manodidina no naneho ny tsy fanekeny ny tetikasa izay vao nahazo alàlana ara-tontolo iainana avy amin'ny Foibe-pirenena momba ny Tontolo Iainana (ONE) hitrandraka volamena mandritry ny 40 taona. Mazava ary tsy misy azo lavina ny anton'ny fandavan'ireo vahoaka ireo an'io tetikasa io.

Ny ventin-kevitra voalohany dia momba ny tsy fanomezana hasiny ny mponina nataon'ny tompon'ny tetikasa fitrandrahana sy ny ambaratongam-pahefana : ny ankabeazan'ny olona ao amin'ny fokontany fito (7) voakasiky ny tetikasa fitrandrahana dia na tsy nalaina ny heviny na nandà ny tetikasa. Fandrahonana hampiasa ny hery famoretana no navaly ny fitakiana sy ny fanehoana hevitra nataon'izy ireo. Manahy mafy izy ireo noho ny kolikoly tafiditra tamin'ny toe-javatra misy amin'izao fotoana izao, ary efa nametraka fitoriana any amin'ny BIANCO mikasika izany.

Lavin'ireo vahoaka ireo koa ny fakàna ny taniny sy ny harena voajanahary ilainy amin'ny fivelomana an-davan'andro, ary ny fahaverezan'ny toerana fiainana sy ny loharanon-tsakafon'ny vondron'ny mponina mipetraka ao amin'ny faritra hitrandrahana.

Fanampin'izany, dia tsy eken'ny fokonolona voakasiky ny tetikasa fitrandrahana ny mahavery hasina ny kolotsaina sy fomba amam-panao nentim-paharazana vokatry ny faharavan'ny fasana. Tsy ekeny toy izany koa ny fandrodanana ny fiangonana sy ny sekoly izay tafiditra ao anatin'ny kaosesion'ny orinasa mpitrandraka.

Lavin'ny mponina any an-toerana tanteraka koa ny faharavan'ny ala tapia izay tafiditra amin'ny faritra arovana, ary iankinan'ny fiveloman'ireo mpanao landy eny an-toerana, sy ny fahasimban'ny tontolo iainana ho vokatry ny fampiasan'ny orinasa JIUXING MINES S.A.R.L. ireo fitaovana fitrandrahana mavesatra, anisan'izany ny haloton'ny rano sy ny atsanga hanototra ny tanim-bary.

Ny fitambaran'ireo tranga efa misy sy ny loza mety hiseho ireo dia mampiseho mazava fa voahozongozona ny zo fototry ny vahoaka voakasiky ny tetikasa fitrandrahana volamena ao Soamahamanina sy ny manodidina.

Izahay firaisamonim-pirenena dia manameloka izany fanitsakitsahana ny zo fototry ny vahoaka izany, sy ny finiavan'ny fitondram-panjakana hanampim-bava ny fanoherana marim-pototry ny mponina any an-toerana amin'ny alalan'ny fandrahonana hampiasa ny hery famoretana.

Mampahatsiaro ny fitondram-panjakana izahay fa izy dia tompon'andraikitra voalohany amin'ny fiarovana sy ny fanatanterahana ny zon'ny vahoaka Malagasy rehetra, fa tsy tokony hampiasa ny mpitandro filaminana mba hisakanana ny vahoaka hitaky ny zony.

Tokony ho marihina koa fa lasa fomba mahazatra ny Foibe-pirenena momba ny Tontolo Iainana (ONE) ny fanomezana fahazoan-dalana hitrandraka ho an'ny tetikasa manimba ny tontolo iainana sy ny fokonolona any an-toerana, araka ny efa hitan'ny besinimaro tamin'ny fanomezan-dalàna tsy ara-dalàna nomeny ny orinasa Toliara Sands hitrandraka fasimainty any amin'ny distrikan'ny Toliara II.

**Noho izany antony rehetra izany, izahay firaisamonim-pirenena izay manao sonia eto ambany dia manambara fa TSY AZO EKENA NY FANOMEZAN-DALANA ARA-TONTOLO IAINANA HO AN'NY ORINASA JIUXING MINES S.A.R.L. HITRANDRAKA VOLAMENA AO SOAMAHAMANINA**.

Manohana tanteraka ary manamafy ny fanoheran'ny vahoaka mpiray tanindrazana eny an- toerana io tetikasa fitrandrahana volamena io izahay, ary manambara etoana ny fahavononanay hiara-miasa amin'izy ireo sy ny tompon'antoka rehetra mba hitadiavana vaha-olana maharitra sy manaja ny zon'ny olombelona.

Natao teto Antananarivo, androany faha-23 jona 2016

CRAAD-OI – Centre de Recherches et d'Appui pour les Alternatives de Développement – Océan Indien
RESEAU SOA – Syndicat des Organisations Agricoles
Collectif pour la défense des terres malgaches – TANY.
Association MAZOTO – Miaro Aina -Zon'Olombelona sy Tontolo iainana
Plate-forme de la Société Civile de la Région DIANA
FVTM - Federasionan'ny Vehivavy Tantsaha eto Madagasikara.
Projet TARATRA
Sehatra Iombonana ho an'ny Fananan-tany – SIF.

- Famintinana fohy ny zava-niseho tao Soamahamanina nahatonga ny fanambaràna : jereo rohy http://terresmalgaches.info/img/pdf/Newsletter_55_Soamahamanina.pdf

- Raha hanara-maso ny tohin'ny raharaha ao Soamahamanina : https://www.facebook.com/soamahamanina/ sy https://www.facebook.com/Craad-Oi-Madagascar-1052998424780813/